

**TOROLALANA HO AMIN'NY FANDRAISANA ANTONTAN-TARATASIN'NY FILATSAHANA
HO MPIADINA AMIN'NY FIFANINANANA HIDIRANA HO MPIANATRA HO POLISY
TAONA 2020-2021**

FEPETRA TAKIANA AMIN'NY KANDIDA (Hita ao amin'ny Arrêté arakaraka ny sokajy hidirana)

FANDRAISAN'NY TOMPONANDRAIKITRY NY POLISY NY ANTONTAN-TARATASIN'NY KANDIDA

▪ **FICHE D'INSCRIPTION AU RECTO :**

- Raisin'ny Tompon'andraikitra ny "Fiche d'inscription" efa nofenoin'ny kandida ny faritra rehetra tokony ho fenoiny.
- Anontaniana tsara ny kandida ny :
 - ☛ Sokajim-panadinana "Niveau et Catégorie" izay ataony (ECP, ECPD, EOPP, EOPD, EIPP, EIPD, EAPD na EAPE),
 - ☛ Ivom-panadinana "Centre d'Examen" nosafidiny,
 - ☛ Galona "Grade" sy ny toeram-piasany raha toa ka polisy izy.
- Hamarinina amin'ny alalan'ny kara-panondrom-pirenen'ny kandida "CIN" na anontaniana azy izay voasoratra rehetra ao amin'ny lohanteny "**Titre C**",
- Hamarinina amin'ny alalan'ny mari-pahaizan'ny kandida "Diplôme" na anontaniana azy izay voasoratra rehetra ao amin'ny lohanteny "**Titre D**",
- Hamarinina amin'ny alalan'ny fanontaniana atao amin'ny kandida ny voasoratra rehetra ao amin'ny lohanteny "**Titre E**",
- Hamarinina raha feno ara-dalàna ny Daty sy ny Sonia.
- Fenoiny ny Tompon'andraikitra tsara ny faritra natokana ho fenoiny "Partie réservée à l'Administration" :
 - ☛ datin'ny fandatsahana ny antontantaratasy,
 - ☛ Halavan'ilay kandida amin'ny alalan'ny fijerena ny "certificate de toise",
 - ☛ Daty nahaterahan'ny kandida,
 - ☛ Fanamarihana ankapobeny raha misy,
 - ☛ Ny laharan'ny fandraisana ny antontan-taratasy ho fanamarinana fa nahapetraka ny antontantaratasy ny kandida.
- Tsy tokony ho adino mihitsy ny manoratra ny mombamomba ilay Tompon'andraikitra miaraka amin'ny soniany.
- Avela ho banga kosa ny faritra natokana ho an'ny Tompon'andraikitra ny "Saisie du dossier".

▪ **FICHE D'INSCRIPTION AU VERSO :**

- Faritra natokana ho an'ny Tompon'andraikitra amin'ny fandraisana ny antontan-taratasy,
- Asaina atolotry ny kandida tsirairay avy ireo antontan-taratasy voalaza ireo,
- Anjaran'ny Tompon'andraikitra ny mijery sy manamarina ilay antontan-taratasy, ary manisy marika "cochage" amin'ny tsanganana faharoa amin'ny fafana (tabilao) raha toa ka misy ny antontan-taratasy takiana,
- Raha misy fanamarihana manokana dia soratana amin'ny faritra mifanandrify izany, indrindra indrindra ny antontan-taratasy mampiahiahy, ohatra : diploma mampiahiahy,
- Rehefa vita ny fanamarinana rehetra dia atao ao anaty "Enveloppe craft de grand format" izay efa voalaza tamin'ny antontan-taratasy ilaina ihany ny antontan-taratasy rehetra, ankoatra ny "Fiche d'inscription" iray izay efa voafeno,
- Hidina tsara ilay valopy ary soratana eo ivelany ny anaran'ny kandida sy ny sokajim-panadinana "Niveau et Catégorie" izay ataony ary ny ivom-panadinana "Centre d'Examen" nosafidiny
- Paingorona tsara eo amin'ny volopy amin'ny "agrapheuse" io "Fiche d'inscription".

FANDEFASANA NY ANTONTAN-TARATASY REHETRA ATY AMIN'NY SERVICE CENTRAL DU RECRUTEMENT AUPRES DE LA
DIRECTION DES RESSOURCES HUMAINES DU MINISTERE DE LA SECURITE PUBLIQUE

- Atao fatorana samihafa araka ny sokajim-panadinana "Catégorie" sy ny ivom-panadinana "Centre d'Examen" ny antontan-taratasy, ka asiana "Bordereau d'envoi" miaraka aminy.

Contact : 034 05 529 43 Chef de Service Central du Recrutement